Distrikan'Ambatofinandrahana

**Resy Rajoelina sy ny Ministra Christine Razanamahasoa** 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 13 novambra 2018 · Laharana 837 · Vidiny : 400 Ar


**I Korintiana 14:33** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 84), 11 novambra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Voka-pifidianana** 4

# Miandry am-pinoana sy am-panantenana Ravalo



**Voka-pifidianan'ny CENI** 2

# Mbola misy ny mampanahy hoy ny KMMR



**ELIANA BEZAZA (PSD)** 4

## Tsy zakan'ny CENI ny mitantana fifidianana



**Lalatiana sy Rinah** 2

## Mikasa hampisara-bazana ny vahoaka Malagasy

**Fikarakarana fifidianana** 2

## Sazio izay tomponandraikitra nahatonga ny lesoka

**Ambatondrazaka** 7

## Tafiditra ihany koa ny mpangalatra fiarakodia

**Daka kely**

Ialahy mihitsy no tena fôpla ry Boai-kely, ialahy sisa no tsy mitaraina a !

**Barea sy Soudan** 6

## Manomboka tonga ireo mpilalao avy any ivelany



VOKA-PIFIDIANAN'NY CENI

# Mbola misy ny mampanahy hoy ny KMMR

Voka-pifidianan'ny CENI na ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana, mbola misy ny mampanahy hoy ny KMMR na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana, avy nijery ny fomba fiasan'ny CENI teny Alarobia omaly, amin'ny fanangonan'izy ireo vokatra avy any amin'ny faritra avy any amin'ny SRMV. Tonga nijery izay fomba fiasan'ny CENI izay teny an-toerana ny talen'ny fampielezan-kevitry ny kandidà Marc Ravalomanana, Rabenja Tsehenoarisoa, teo koa ny senateran'i Madagasikara Olga Ramalason sy ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa. Afak'omaly dia azo nomena ny kandidà ny vo-



katra isaky ny birao fandatsaham-bato manerana ny Nosy hoy ireto avy amin'ny KMMR ireto, tampoka teo anefa dia najanon'ny tale iray ao amin'ny CENI ny fahazoana izany, izany no midika hoy izy ireo fa misy zavatra mampanahy ao, satria ny fahazoana izany vokatra isaky ny birao fandatsaham-bato izany hoy izy ireo no hahafahana manao fampitahana ny antontan-taratasy voarain'ny CENI sy ny voarain'ny kandidà avy amin'ny delege-ny mielim-patrana manerana ny Nosy. Nohamafisin'ny talen'ny fampielezan-kevitra Rabenja Tsehenoarisoa fa tsy afa-po amin'ny asan'ny CENI izy ireo raha tsy azo io vokatra isaky ny birao fandatsaham-bato io. Tsy afaka nandray ireto avy amin'ny KMMR ireto ny filohan'ny CENI fa ny filoha lefitra no nandray azy ireo ary tsy azo natrehan'ny mpanao gazety ny fihaonana. Nambaran'ny filoha lefitry ny CENI tamin'izany fa tsy mpanapa-kevitra izy fa tsy maintsy hampitaina amin'ny birao mpanatanteraky ny CENI izany fangatahan'ny mpomba ny kandidà laharana faha-25 izany. Momba ny famoahana voka-pifidianana vonjy maika eny Alarobia kosa, efa nisy nanomboka omaly ireo famakiana ny vokatra ao amin'ny RNM sy ny TVM isaky ny distrika manerana ny Nosy. Nanambara ny filoha lefitra Thierry Rakotonarivo fa mahavita mikirakira ireo anton-taratasy miisa 3500 isan'andro eo avy amin'ny SRMV izy ireo, noho izany ho vita anio na rahampitso fara-fahatarany ny fikirakiran'ny CENI ny voka-pifidianana avy any amin'ny faritra ary mety hivoaka alohan'ny fotoana efa nomena dia ny 20 novambra aza hoy izy dia hivoaka ny vokatra vonjy maika avy eny Alarobia.

***Isambilo***

Depiote Clarisse Rasendramiadana

# Matoky fa hahazo fandresena ny Zanak'i Dada

Fafy lainga indray izao no ezahan'ny sasany anaronana ny tena voka-pifidianana marina manerana ny Nosy, indrindra ny eto amin'ny boriboritany faha-5 Antananarivo Renivohitra. Isika rehetra anefa dia samy nahita sy mahafantatra ny isa azo tany amin'ny birao fandatsaham-bato any amin'ny Fokontany misy antsika tsirairay avy : mitarika amin'ny taha ambony mazava noho ireo kandidà 35 hafa i Dada Marc Ravalomanana ao amin'ny Boriboritany faha-5 hoy ny depiote Clarisse Rasendramiadana. Aoka ary



isika samy ho tony araka ny toetra sy fihetsika efa nasehontsika nanomboka ny taona 2009 ka hatramin'izao, ho famerenana ny ara-dalàna : nosedraintsika avokoa na ny fandrobana, na ny vavabe, na ny torabato, na ny lacrymogène, na ny fonja… fa mbola ireto isika eto ihany hoy ihany ity solombavambahoaka ity. Hiverina amin'ny aradrariny sy ara-dalàna amin'izay indray isika amin'ny alàlan'izao fifidianana atao izao, ka aoka samy hatoky sy hiandry amim-pinoana ny vokatra vonjy tsy ofisialy manerana ny Nosy havoakan'ny Ceni. Tsy maintsy mandresy ny Marina ho an'ny « Mpanangana fa tsy mpandrava" satria samy hafa ny ankosoka sy ny volamena satria ny iray voafafan'ny tandrifin-drahona, ny iray kosa na nalatsaka am-potaka aza vao mainka mamiratra.

***Andry Tsiavalona***

Lalatiana sy Rinah

# Mikasa hampisara-bazana ny vahoaka Malagasy

Miantoka ny filaminana sy fitoniana eto amin'ny firenena ny asa fampitam-baovao anatin'izao vanim-potoana manahirana lalovan'ny firenena izao. Ny mpanao gazety no heverina fa fanoitra sy arofanina hitaiza sy hanabe ny mpiara-belona mba hahay handinika sy handanjalanja ny zava-misy mitranga, ka tsy hihinana am-bolony ireo lainga sy tsaho voizin'ny sasany. Tsapa tato ho ato fa misy mpanao gazety tena mivoy mafy izay hisian'ny fifandrangitana hitarika korontana sy adim-poko eto amintsika. Izy mirahavavy Lalatiana Rakotondrazafy sy Rinah Rakotomanga, izay mpifandrafy taloha no mandetika ao antsain'ny mpijery sy mpihaino fa tena mpanavakava-bolo-koditra hono ny Kandida Marc Ravalomanana. Nambarany fa Ravalomanana no kandida voalohany nanangana governemanta tsy nahitana hafa tsy Merina! Ndao ary raisina ohatra hoe mety hoe izay ny nanonganan'i Andry Rajoelina azy, fa naninona anefa no naveriny ilay izy? Ny olona ambony rehetra nanodidina an' i Andry Rajoelina? Avy eto afovoantany anie ry Annick Rajaona, Rija Rajhonson, ireo Filohana andrimpanjakana tamin'izany fotoana izany raha tsy hitanisa hafa tsy ry Jeneraly Dolin, Jeneraly Ranto Rabarisoa, Hery Rakotomanana, .... izy ireo izay avy eto afovoan-tany avokoa.
Haverimberin'izy ireo matetika ihany koa ny resaka FOZA, ho fandrangitana an'ireo mponina eny ambany tanàna. Hataony izay hampangotsoka ny fon'ny ambany tanàna, ka atosiny ankolaka hitroatra sy hikomy hiroso amin'ny adim-poko izy ireo. Ny ambany tanàna izay hararaotina hatrany hanao ny asa maloto kotrehin'ny mpanao politika. Viravirainy amin'ny vola kely sy tee-shirt. Eny ambany tanàna no hatosika hanakorontana sy hamaky ady fa hoe voahilikilika sy lasa anjorombala. Miray latabatra amin'ny ao amin'ny ARENA anie ilay kandida nanafoza an'i Andry Rajoelina tamin'ny tetezamita e! Tafahoatra ilay tetika maloto. Efa mitovy amin' ny radio des milles collines tatsy Rwanda io no ataon'izy mirahavavy ankehitriny, ka sao dia ho tsarain'ny tantara eo ry Lalatiana sy ry Rinah a! Hijery fotsiny an'izany vè ny communauté international na ny fianakaviambe iraisam-pirenena sy ny tompon'andraikitra eto an-toerana ? Efa lasa fijerena tava sy volon-koditra indray ve izany ny fiainam-pirenena? Any ve izao no tokony hisian'ny adi-hevitra? Ny Malagasy tompoko dia iray daholo na avy aiza eto Madagasikara izy na avy aiza. Ary ny kandidà Marc Ravalomanana, avy amin'ny lafy valon'ny nosy ireo olona mpiara-miasa aminy ankehitriny, ka tsy mitombina ny filazan'ireo akohovavy maneno ireo fa mpanavakavaka i Dada.

***Ny Valosoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fikarakarana fifidianana

## Sazio izay tomponandraikitra nahatonga ny lesoka

Anisan'ny itodihan'ny maro amin'izao fotoana izao rehefa nahita ireo lesoka maro samihafa, indrindra teo amin'ny lisi-pifidianana sy ny karatry ny mpifidy, ny amin'ny fiheverana ny amin'ny tokony hisian'ny sazy ho an'izay tompon'andraikitra rehetra nikarakara iny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany iny. Tsy afa-miala voalohany amin'izay mazava loatra ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana na ny Ceni. Efa am-bolana maro no nanomanany izao fifidianana izao ary izy irery no vovonana iadian'ny lohany amin'izany eto amin'ny firenena. Tsy vao izao koa anefa no nikarakarany fifidianana fa nisy ny teo aloha hatrany amin'ny taona 2010 nandanian'ireo olom-bitsy ny lalampanorenana sy ny nidirana tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny taona 2013. Efa niaraha-nahita sy nahalala tsara ireo lesoka tamin'ireny fifidianana samihafa ireny ary tokony ho hay ny misoroka izany mba tsy hiverenany intsony aty aoriana, kanefa toa mbola ny teo ihany no teo. Tsy hita soritra mazava izay fanatsarana tamin'ireo tranga ireo. Tsy efa fahadisoana eo amin'ny asa ve izany? Raharaham-pirenena anefa ity ary zava-dehibe iankinan'ny hoavin'ny firenena tanteraka. Miankina amin'ny fahatomombanan'ny fanatanterahana ny fifidianana no hampilamina sy hampirindra ny fampandrosoana ny firenena, ka tsy tokony hatao kitoatoa na tsy ampy fitandremana toy izao mitranga ankehitriny izao. Raha tany amina orinasa tsy miankina no isiana toe-javatra tahaka izao moa tsy efa nandray fepetra hentitra ny tompon'ny orinasa?
Fantatra fa nahazo famatsiam-bola tsy hita pesimpesenina ny teo anivon'ny Ceni ikarakarany ny fifidianana. Nisy mihitsy aza ny famantana ny volabe ilainy ahafahany manatanteraka azy ary dia feno izany volabe izany tamin'ny alalan'ireo firenen-tsamihafa avy any ivelany. Fantatra ihany koa fa tena tsara karama sy mandray volabe ireo mpiasa raikitra ao aminy satria heverina fa izany no hahavitany tsara sy ara-dalàna ny asa nampiandreketin'ny vahoaka Malagasy azy. Mandiso fanantenana ihany anefa ny vokatra hita. Tsy lavina, ho tanteraka ny fanangonambato sy ny fikirakirana izany ary ny famoahana vokatra hataon'ny Ceni, fa ny lesoka nitranga kosa izay tena misy akony amin'ireo mpifidy sy ny fifidianana ary ny voka-pifidianana tsy ho voafafa. Koa raha miverina amin'ny hevitry ny maro ny amin'izay tokony hosaziana dia anisan'ny iray amin'izany ny eo anivon'ny Ceni. Misy mihitsy aza ny milaza fa tokony hamerim-bola ny Ceni. Fiheverana mampieritreritra fatratra izany. Tsy tokony ho afa-maina koa anefa izay tompon'andraikitra hafa nahatonga izany lesoka izany. Tsy tokony ho ekena intsony mihitsy ny fanaovana fahadisoana amin'ny fikarakarana fifidianana fa tsy mahasoa ny firenena velively. Tsy mendrika an'izany intsony i Madagasikara.

***Sôh'son***

Faritra Menabe

# Mitarika ny kandidà N°25 Marc Ravalomanana

Vokatra vonjy maika voaray avy any amin'ny faritra Menabe hatramin'izao, tamin'ny fifidianana filohampirenena farany teo, mitarika ny kandidà N°25 Marc Ravalomanana. Tany Morondava tamin'ny birao fandatsaham-bato miisa 245 amin'ny 732 nahazoam-bokatra : voalohany Marc Ravalomanana : 18042 (41,23%) ; faharoa Andry Rajoelina : 17291 (39,51%) ; fahatelo Hery Rajaonarimampianina : 1260 (2,88%). Tany amin'ny distrikan'i Mahabo : tamin'ny birao fandatsaham-bato 46 amin'ny 163, mitarika ny kandidà Marc Ravalomanana : 7224 (68,36%), faharoa Andry Rajoelina : 1456 (13,78%), fahatelo : Hery Rajaonarimampianina : 225 (2,13%). Arak'izany, miakatra hatrany ny vokatra azon'i Dada amin'ny fiakaran'ny vokatra avy any amin'ny faritra ambanivohitra, izy dia kandidà tambanivohitra mahafantatra ny olan'ny tantsaha ka tena akaiky azy ireo.

***Isambilo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Voka-pifidianana : mety hivadika sazy ho an'ny kandidà miseho ho tsy maty manota

Enina andro taorian'ny fifidianana ho filohampirenena dia misafotofoto ny toe-draharahampirenena ka ahiana hiteraka tsy filaminana eo amin'ny sehatra politika izay hisy fiantraikany eo amin'ny fiainam-bahoaka indray. Tamin'ny fotoana nandaniana ny lalàna mifehy ny fifidianana dia efa nanomboka ny gidragidra izay niteraka ny hetsiky ny depiote 73. Nilamina ho azy teo ny hetsika rehefa tafiditra tao anaty governemanta ny sasantsasany tamin'izy ireo. Mazava ho azy fa nizotra tany amin'ny tombontsoan'ny MAPAR ny toe-javatra, ka hita mibaribary izany amin'izao fotoana izao satria ry zareo no misiotsioka fandresena na tsy mbola tafavoaky ny ala akory aza. Nisy ny tsy fahatomombanana teo amin'ny fanomanana ny fifidianana indrindra teo amin'ny lisitra izay nahitàna « doublon » araka ny fomba fitenenana, nisy ny maty mbola tafiditra, misy velona soa aman-tsara kanefa na tsy voasoratra ny anarany na tsy nahazo karatra ary nisy ireo nanana karatra maromaro. Tamin'ny toerana sasany dia toa nisy lisitra niniana norovitina mihitsy ny pejy sasany ka tsy fantatra mazava izay nanao izany. Na izany na tsy izany dia misy koa ny olompirenena tsy nandray andraikitra ka tsy rototra tamin'ny fanamarinana ny anarany na ao anaty lisitra na tsia kanefa rehefa tonga ny fotoana nangalàna ny karatra vao nimenomenona hoe noverezin-jo. Teo izany lesoka izany nialohan'ny fifidianana kanefa manampy trotraka ny tsy fahatokisan'ny vahoaka ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) indray koa ny fitarazohan'ny famoahany ny vokatra sady mandeha be ny resaka fa nomen-dRajoelina Andry volabe ity andrim-panjakana ity. Tsapa ihany koa etsy ankilany fa toa ny vokatra avy any amin'ireo faritra nahazoan'ny kandidà laharana faha-13 vato betsaka no avoakany izay mitongilana amin'ny vokatra avoakan'ny haino aman-jery manohana ity kandidà ity. Nilaza ho manana porofo amin'ny fisian'ny hosoka ihany koa ny HVM satria toa nampitolagaga tokoa ny vokatra azon'ny kandidà laharana faha-12 raha ny olona teo amin'ny fitondrana no ambany dia ambany toy ireny ny vato azony. Tsy mandatsa raha milaza fa ny kandidà laharana faha-33 nifaninana taminy ny taona 2013 dia nanambara koa taminʼizany fa nisy ny « hala-bato bevata » no nataon'ny HVM ka naha-lany azy ho filohan'ny Repoblika IV. Azo antoka fa misy tokoa ny hosoka na dia mandà mafy aza ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana. Sarotra ny hamoaka porofo tamin'ny fandraisan'ity andrimpanjakana ity vola kanefa efa nahazatra ny mpitondra ny Repoblika IV loatra ny fitenenana hoe « porofoy » fa nisy izao na izatsy kanefa nivoaka ihany ny marina toy ny raharaha Anjozorobe. Mahagaga ihany koa fa toa ny kandidà laharana faha-13 sy ny mpiaradia aminy ihany no tsy nahenoana fanakianana momba ny fikarakaran sy ny fizotr'ny fifidianana tamin'ny 7 Novambra iny. Ny harivan'io andro io raha mbola teo am-panisana vato aza ny biraom-pifidianana sasany dia efa nanambara ny onjampeo sasany fa mandresy ny kandidà laharana faha-13 ary efa nanao fety be sahady. Voizina indray fa ho lany amin'izao fihodinana voalohany izao indray ny kandidà laharana faha-13 ary raha ny vokatra avoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana dia mitarika tokoa izy kanefa amin'ny salanisa manodidina ny 40% eo. Raha ny vokatra azon'ny ao amin'ny foiben'ny kandidà laharana faha-25 kosa dia mitarika lavitra izy amin'ireo Faritra be mpifidy toa ny ao Vakinankaratra, Itasy, Bongolava, sns... Raha tany tan-dalàna tokoa ity Nosy ity dia tsy maintsy mitaky porofo amin'ny Vondrona Erôpeana ihany koa amin'ny fanambarany fa namafy volabe ny kandidà Rajoelina Andry tamin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ka hanasazy azy araka ny lalàna raha marina ny fanambarana. Tsy hiteniteny foana anefa ny Vondrona iraisam-pirenena ka ho fantatra miandalana eo ihany izany ary tsy tokony ho ela anefa.

***Andry Tsiavalona***

Distrikan'Ambatondrazaka

## Feno ny vokatra, mitarika Ravalomanana Marc

Mitarika amin'ny salan'isa mazava 45,40% Andriamatoa Marc Ravalomanana ato anatin'ny distrikan' Ambatondrazaka, raha toa ka manaraka azy ao amin'ny laharana faharoa amin'ny salan'isa 38,05% Andriamatoa Andry Rajoelina. Efa feno raha ny vokatra ho an'ny distrikan'Ambatondrazaka, raha ny vokatra vonjimaika no resahina. Mitana ny laharana fahatelo kosa i Dadafara, izay nahazo ny salan'isa 2,97% ary laharana fahaefatra Andriamatoa Rajaonarimampianina Hery manana ny salan'isa 2,89%, izay arahin'ny kandidà Mailhol 2,19%. Hita ho maromaro ihany ireo kaominina izay notatahin'i Dada ny vokatra raha ho an'ireo kaominina ambanivohitra. Mitaky fiovana tanteraka izahay hoy ny mponina ka izay no nisafidianany an'i Dada tamin'ity fifidianana ity. Na izany aza dia fantatra fa betsaka no tsy afaka nifidy ny olona noho izy ireny tsy voasoratra tao anaty lisi-pifidianana, izay nampitaraina ny ankamaroan'ny vahoaka na an-tampon-tanàna na ambanivoitra. Raha jerena kosa ny salan'isampahavitrihina teo amin'ny famitana ny adidy dia hita ho nisy fitomboany izany satria nahatratra hatrany amin'ny 57,30%. Na teo aza araka izany ny fanapariahana akanjo sy ny fanobahana vola tetsy sy teroa ary ny fitondrana artista nandritra iny fampielezan-kevitra iny dia mbola nitàna ny teny nomeny ny vahoakan'ny distrikan' Ambatondrazaka, fa tsy misy miala amin'i Dada eo, izay noporofoiny tamin'ny alalan'ny fifidianana izany, tamin'iny faha-07 novambra 2018 lasa teo iny.

***Raoul***

Distrikan'Ambatofinandrahana

## Resy Rajoelina sy ny Ministra Christine Razanamahasoa

Resy ny kandidà Andry Rajoelina sy ny ministra Christine Razanamahasoa tany amin'ny distrikan'Ambatofinandrahana faritra Amoron'i Mania, na dia mbola vokatra vonjy maika aza no azo avy any an-toerana. Talohan'ny naha-ministra azy tokoa, depiote Mapar-TGV tany amin'ity distrika ity i Christine Razanamahasoa, azo lazaina ho felaka tehamaina mafy nomen'ny mpifidin'Ambatofinandrahana azy no azon'ny ministra Christine sy i Andry Rajoelina tamin'izao fifidianana vita teo izao. Raha ny vokatra: bira fandatsaham-bato 114 amin'ny 149 no efa nahazoam-bokatra, mitarika ny kandidà Marc Ravalomanana any an-toerana: nahazo vato : 13372 (51%), faharoa Andry Rajoelina : 6383 (24%), fahatelo: Pasitera Mailhol : 2108 (08%). Raha ny vokatra vonjy maika rehetra azo tany amin'ity distrika ity, mitarika avokoa ny kandidà Marc Ravalomanana amin'ny kaominina 8 amin'ny 9 any an-toerana.

***Isambilo***

**ANDRY RAJOELINA**

## Tsy lasa lavitra ny vatony na nanatosaka volabe aza

Vita ny fifidianana filohampirenena ny 7 novambra lasa teo na nisy aza ny lesoka marobe: teo aloha sy nandritra ny fifidianana. Ny nahagaga ny mpanara-baovao dia ny androtr'io ihany, izany hoe tamin'ny 9 ora alina dia nifamotoana teny amin'ny foiben-toerany ny kandida N°13 sy ny mpiara-dia taminy, nanao fetibe sahady fa maharesy amin'ny fihodinana voalohany hono i Andry Rajoelina. Ny minisitry ny jono Augustin Andriamananoro, izay tokony ho tsy miandany amin'ny atsy na ny aroa amin'ny maha minisitry ny marimaritra iraisana azy, efa namoaka tamin' ny facebook fa fandresen'ny vahoaka Malagasy ny fandresen'i Andry Rajoelina fihodinana voalohany. Nanana fanantenana ny tariky ny mpanongam-panjakàna fa nahazo olona marobe izy ireo tamin'ny fampielezan-kevitra nataony sy tamin'ny vola tsy toko tsy forohana nafafiny, dia nanantena fa hoe lany fihodinana voalohany ny kandida tohanany. Azo lazaina ho namita-tena ihany izy ireo tamin'izany, namitaka azy ireo tamin'izany koa ireo haino aman-jery mpanohana ny nomerao 13. Rehefa nojerena ny vokatra teny amin'ny CENI izay mampametram-panontaniana ny maro ihany dia 39% ny vaton-dRajoelina ary 36% ny an'ny filoha Marc Ravalomanana. Na nandany vola be aza ity kandida N°13 ity nividianana olona dia tsy lasa lavitra ny vokatra azony satria dia kely ny elanelana teo aminy sy ny filoha Marc Ravalomanana, tsy namafy vola, fa ny vahoaka indray aza no nanome tanana sy nanampy azy ara-pitaovana sy vola. Hatramin"ny fotoana nanoratanay dia mbola tsy tafiditra tamin' io vokatra io ny valim-pifidianana nahazoan'ny kandida N°25 vato betsaka. Raha ny lojika izany dia hifamadika io vato io afaka andro vitsy raha tena ny fahamarinana no haseho. Fehiny, ny vahoaka Malagasy dia efa maro no tonga saina ka tsy ho voafitaky ny mena miraviravy sy ny programa miainga amin'ny nofinofy amitaham-bahoaka. Raha hisy ny fihodianana faha 2 dia mbola hamafy vola tahaka ny tamin'ny fihodianana voalohany ve ity mpanongam-panjakàna ity? Mety ho izany, satria ny vola fasika amin'izy ireo.

***Helisoa***

Faritra Anôsy

## Tonga tsikelikely ny voka-pifidianana

Mpifidy miisa eo amin'ny 123.699 no tokony ho nandray anjara tamin'ny fifidianana tany amin'ny faritra Anôsy. Ny 17038 ihany no tonga nanefa ny adidiny hatreto raha ny vokatra voaray. Taham-pahavitrihana eo amin'ny 16%. Birao fandatsaham-bato 95/316 no efa voangona, eo amin'ny 16,04%. Miakatra tsikelikely ny vokatra avy any amin'ireo kaomina manondidina sy any amin'ny distrik'Amboasary Atsimo sy Betroka. Ny vokatra voaray ao amin'ny SRMV Anôsy: N°12 Hery Rajaonarimampianina no mitarika amin'ny ampaham-mbato 8769. Ny manaraka azy ao ny laharana faha-13: Andry Nirina Rajoelina ary ny Fahatelo Ny kandida laharana faha- 25 Marc Ravalomanana manana isa 2561. Araka ny nambara teo, miakatra tsikelikely ny vokatra ao amin'ny kaomina ambonivohitr'i Fort Dauphin no ho efa feno ary ny kandida laharana faha 13 no mitarika amin'izany. Ireo sisa kosa manodidina eo amin'ny 0, 1, 2 ny vato azo. Manoloana ireo vokatra efa voangona ireo, samy manana ny fomba fijeriny avy ireo mpanohana kandida ary ny ao amin'ny mpanohana ny laharana faha 13 no tena mivoy manely tsaho ary mampisavoritaka ny saim-bahoaka. Na izany, mbola milamina ny any an-toerana. Vaovao voaray tao amin'ny CENI Anôsy ireo. Ny irariana dia mba hiandry ampahatoniana ny vokatra ôfisialy ny rehetra. Mba tsy ho tratry ny fihantsina ataon'ireo mpamafy lainga.

***Mangarahara***

TONONKALO

### Veloma lava ry manga !

Loza toy inona lahy ity nitranga
Fa tena « tsy tafa » ianareo re ry manga!
Manahy ny rehetra fa ho very maina
Ireo vola sy akanjo nozarazaraina.

Moa nisy hadisoana sa nisy kinanga,
Fa loza tsy misy hoatr`ity re ry manga ?
Dia ho henjana ny fahafaham-baraka,
Satria tsy nahomby ny tompon`ny laka.

Toa mila hahakenda ny hodi-bomanga
Ka aiza ny lalana hombana ry manga ?
Tafakatra ho firy miliara ny lany
Kanefa ny vokatra mampitomany !

Manjombona ny andro ka `zay no miampanga
Fa very tanteraka `nareo ry manga !
Tantazo ny ngidy sy ny onjan`izao
Dia veloma masina `nareo re Rajao !

***DADAN`i ZINA (10-11-18)***

**VOKA-PIFIDIANANA**

## Miandry am-pinoana sy am-panantenana Ravalo

Miandry am-pinoana sy am-panantenana ny vokatry ny fifidianana ny 7 novambra lasa teo ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana. Ny faran'ny herinandro teo, anisan'ny nanatrika ny fandevenana ny Evekan'i Mahajanga, Mgr Roger Victor Solo Rakotondrajao ny kandidà Marc Ravalomanana satria anisan'ny namana akaikin'ity Monseniera ity ny tenany, anisan'ny nandray anjara fitenena tamin'izany fanaovam-beloma farany izany i Dada, nambarany tamin'izany fa tena malahelo tokoa izy




tamin'izao fahalasanan'i Mgr Roger Victor Solo Rakotondrajao izao. Tao aorian'izay, nisy ny tafa fohy nataony tamin'ny mpanao gazety momba ny voka-pifidianana, nanambara i Dada nandritra izany fa sady mino no manantena aho hoy izy fa handresy tamin'iny fifidianana ny alarobia lasa teo iny, na izany na tsy izany, miandry am-pitoniana sy am-panantenana ny vokatra aho hoy izy, ary miantso ny vahoaka Malagasy rehetra ihany koa hiandry am-pitoniana izany vokatra vonjy maikan'ny CENI izany sy ny vokatra ofisialin'ny HCC. Nanipy teny ihany koa izy tamin'ireo mpomba azy rehetra manerana ny Nosy tamin'io fotoana io, sady nanome fampaherezana araka ny tenin'ny soratra masina, izay efa lasa teny filamatry ny TIM sy ny KMMR ihany koa hoe : "Aza matahotra minoa fotsiny ihany!".

***Isambilo***

**Eliana Bezaza (PSD)**

## Tsy zakan'ny CENI ny mitantana fifidianana

Tao aorian'ny fahavitan'ny fifidianana ny 7 novambra lasa teo, nanao fanambarana koa izao ny kandidà laharana faha-14, Eliana Bezaza. Maro ny tanàna nandalovanay teto Madagasikara tamin'ny faritra 22 hoy izy ary misy fikambanam-behivavy avokoa. Hita fa ny vehivavy dia mizaka ny mafy, maro ny mitaiza tsy manambady, mijaly eo anivon'ny fiaraha-monina ary tena mitolona, miandrandra sy manantena ny mba hahatongavan' ny vehivavy eo amin'ny fitondrana.

Ny zavatra mahagaga dia ny vehivavy no maro an'isa nefa raha havory ny vatonay vehivavy dimy isa nirotsaka ho fidiana dia tsy ampy 2% ny vahoaka malagasy akory no nifidy vehivavy. Tsy mihoatra ny vato 100000 isa ary mety ho antsasan'io tarehimarika io ny vato azo avy amin' ny vehivavy hoan'ny vehivavy. Dia tsy mihoatra ny 50000 izany ny vehivavy mifidy vehivavy eto Madagasikara ve ? Eo ilay zavatra tsy mampino satria tsy lojika ary hita fa tsy voakajikajy tao anatin'ilay hala-bato manara-penitra. Natao tsinontsinona ary noverezina zo ny vehivavy malagasy ary nalaina baraka mihitsy. Izahay dia mitaky mba ho tondroina mazava ny tompon'andraikitra ary mendrika ho saziana. Hita maso mibaribary fa tsy zakan'ny CENI velively ny misahana ny fifidianana eto Madagasikara. Ahoana ny momba ireny karatra misavovona tsy voazara ireny ? Iza ny tompon' andraikitra ? Ny fokontany ve ? Ny fokontany anefa tsy nampidirina tao anatin'ny fandrindran'ny CENI ary mikarama vary masaka. Ka ny CENI ve mbola mahasahy mialokaloka ao ambadiky ny sefo fokontany amin'ireny asa kitoatoa filefasana andraikitra ireny ? Iza marina no tokony ho saziana fa asa famadihana firenena ireny. Manginy fotsiny ireo olona niniana nesorina tamin'ny fotoana farany tao amin'ny lisi-pifidianana ary nisoloina olona maty ary olona maty nifidy. Mbola eo koa ny zava-doza mamoafady. Maro dia maro ireo olom-pirenena afaka nifidy soa aman-tsara nefa dia tsy fantatra izay nalehan'ny vato safidiny ka very fanahy mbola velona fa mbola tsy nahita zavatra sahala amin'izao hatramin'izay nahaizany nifidy. Noho izao antony voatanisa rehetra izao, ny antoko PSD izay tarihiko dia mitaky tsy misy hatak'andro ny fizakantena isam-paritra satria poizina mamoa-fady izao ataon'ny CENI izao nefa miseho mahazaka mandrindra ny fifidianana manerana ny nosy. Miomana izy fa tompon'andraikitra feno izy amin'izay rehetra mety hitranga eto.

***Nangonin'Isambilo***

**Fifidianana**

## Iza àry izany no nangalatra sy nividy vato ?

Mandeha be ny resaka ankehitriny fa nisy ny fividianana vato, ny halabato tao anatin'iny fifidianana filoham-pirenena notanterahana ny 7 novambra lasa teo iny. Efa nazava aloha ny filazan'ny teo anivon'ny Vondrona Eoropeana mpanara-maso ny fifidianana fa tsy ao anatin'izany resaka izany Ravalomanana Marc. Ka iza amin' ireo ahiahiana àry no nanao izany? Ny mpanara-baovao, eny fa na ireo olom-pirenena tsotra aza dia manana ao an-dohany ao ny ahiahiany amin'izany, fa andrasana mazava ny fanadihadiana amin'izany. Ny ao an'eritreritry ny rehetra hatreto dia Rajoelina sy ny ekipany no nividy vato ireo. Ny tsikaritra dia misy ny fifampiangana sy ny fihetsika feno fanilihana eo amin' izy ireo sy fametrahana ny tenany ho madio. Iza anefa no hino azy ireo amin'izany ? Ireo mpomba sy mpanara-dia azy ihany angamba no hino, na misy koa ireo mahalala ao aminy fa minia mikimpy sy mandeha anjambany fotsiny ihany, fa ny ankoatra izay tsy hisy hino azy ireo velively. Ho an'ny mpandinika dia fialàna bala fotsiny ihany ny fihetsika ataon'izy ireo milaza ho nahita izao sy izao ka hametraka fitarainana na fitoriana eny amin'ny Ceni na eny anivon'ny HCC. Karazany fanakonana ny zavatra maizimaizina natao tao anatin'ny fifidianana fotsiny ihany izany. Tsy maintsy ho fantatra sy hivoaka ihany anefa ny marina momba izany ary ny tsy azony hialàna dia mbola hotsarain'ny vahoaka eo indray izy ireo, ka handraingiraingy toy ny hafa ihany koa.

***Sôh'son***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny kandida laharana faha-25, Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ireo mpanara-mason'ny vondrona Eoropeana ny herinandro teo.**









LIONS CLUB FARAFANGANA

## Nanampy ireo mpiara-monina aminy

Ankizy sahirana an-jatony no notolo-ran'ny Lions Club Farafangana any amin' ny faritra Atsimo Atsinanana sakafo ara-pahasalamana, teto an-drenivohitra. Izany dia ho tohin'ny asa sosialy fanaony, izay miahy ny mpiara-monina, nanana tombony ireo ankizy sahirana tsy manana mpiahy fantatra hoe 4mi etsy Analakely sy ny fokotany Anatihazo Isotry ny alahady teo. Sakafo maivana ara-pahasalamana no nozaraina tamin'izy ireo , an-jatony ireo ankizy no nahazo izao fanampiana izao, ny zava-dehibe dia ny nahafahana nanampy sy nanentana azy ireo amin'ny fahadiovana. Ho an'ny teto an-drenivohitr'i Madagasikara Antananarivo izay, fa hisy ihany koa fitadiavam-bola karakarain'ny mpikambana ho entina hamatsiana rano fisotro madio ho an'ny mponina ianjadian'ny tsy fahazahoana rano fisotro madio any Farafangana sy Vaingandrano Faritra Atsimo Antsinanana misy ny mpikambana. Eto izy ireo dia manolotra ny fisaorana mialoha ho an'izay manampy, ka ho filamatra hatrany ny teny faneva hoe "les Lions à faire la différence dans notre communauté".


*Ny hetsika nataon'ny Lions Club Farafangana teto an-drenivohitra.*

**Serge**

Miantsa Valisoa Nantsoina R.

## Zanak'Ivato hifaninana amin'ny fifaninanana miss any Chine

Handray anjara amin'ny fifaninanana eo amin'ny sehatry ny hatsaran-tarehy sy bika na fifaninanana miss iraisam-pirenena hatao any Chine ny Zanak'Ivato ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Hifaninana amin'"ny fifaninanana Miss Internationale any Chine tokoa i Randriambololona Miantsa Valisoa Nantsoina. Amin'ny maha zanaky ny Kaominina Ivato azy, noraisin'ny Ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa izy omaly, nangata-tso-drano taminy. Tamin'izany no nanoloran'ny fiadidiana ny tanànan'Ivato sy ny ben' ny tanàna vatsin-dalana sy fanampiana ho an'i Miantsa Valisoa Nantsoina R. ary nirarian'ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa azy hahomby amin'ny fifaninanana izay handraisany anjara.


*Ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa nanome tso-drano an'i Miantsa Valisoa Nantsoina.*

**Aly**

Barea sy Soudan

## Manomboka tonga ireo mpilalao avy any ivelany

Ny alahady tolakandro ho avy izao no hotanterahana eny amin'ny kianjan'ny Cnaps Vontovorona ny fihaonana eo amin'ny Barean'i Madagasikara sy i Soudan amin'ny fifanintsanana amin'ny Can 2019 eo amin'ny baolina kitra. Momba ity fifaninanana Afrikana ity, efa tafakatra amin'ny dingan'ny famaranana ny Malagasy fa lalao tsy maintsy hatao io amin'ny alahady io. Fantatra izao fa manomboka tonga ireo mpilalao avy any ivelany ho an'ny Barea na ireo antsoina hoe expatriés. Nanambara ny mpanazatra Dupuis fa tonga omaly alina ny ankamaroan'ireo mpilalao avy any ivelany rehetra na dia amin'ny alakamisy aza vao ho raisin'ny FMF na ny Federasiona Malagasin'ny Baolina kitra an-tanana izy ireo. Misy ihany koa ny ho avy anio talata ary ao ny ho tonga alarobia, 17 lahy izy ireo no ho avy eto. Anisan'ireo mpilalao tena andrasan'ny maro i Jérémy Morel ilay mpilalaon'ny Olympique Lyonnais, fiantsoana voalohany miaraka amin' ny Barea. Manan-danja lehibe ireo lalao roa sisa ambiny hoy i Nicolas Dupuis na dia efa tafakatra amin'ny Can 2019 aza isika. Tokony ho tazonina io hoy izy.

**Lita**


*Ireo mpilalao sasany amin'ny Barean'i Madagasikara.*

**SARIITATRA:** Mafy be ny Dadan-dry zalahy




Fikambanana FAMI Tsiroanomandidy

## Nanokatra ny taom-piasana 2018- 2019

Notanterahina omaly tao amin'ny Kianja Bika Tsiroanomandidy faritra Bongolava ny fanokafana ny taom-piasana 2018-2019 ho an'ny fikambanana FAMI (Fikambanana ho an'ny Ankizy Mivoatra). Ny taona 1996 raha tsiahivina no niorenan'ny fikambanana ka tany Fenoarivobe no niasany voalohany, Mompera Júlian Cadenas, teratany Espagnol avy amin'ny fikambanana Trinitera no Tale jeneraly nanorina izany. Miompana tanteraka amin'ny asa soa ny tanjon'ny ONG, fanampiana sy fampivoarana ny maha- olona sy ny fiarahamonina. Maro ireo sehatra iasan'ny fikambanana, toy ny fampianarana : fanampiana ny ray aman-dreny amin'ny fampitaovana sy ny saram-pianarana, eo koa ny fanorenana foto-drafitrasa tranon-tsekoly, ny fahasalamana toy ny fanorenana tobim-pahasalamana, ny fanatanjahantena : fanorenana kianja manaraka ny fenitra ahafahan'ny tanora mialavoly, toy ny tetik'asa iarahana amin'ny Sepa dia ny sekoly ho an'ny Baskety izany, ny fanadiovana sy fidiovana amin'ny alalan'ny tetik'asa FAA hisorohana ny fangerena ankalamanjana, eo koa ny fametrahana rano fisotro madio any amin'ny kaominina maro.

Eo koa ny fandraisana an-tanana ireo ankizy manana fahasembanana eo amin'ny rantsam-batana, izay raisin'ny fikambanana maimaimpoana ny fitsaboana sy ny fitaizana ary ny fanabeazana ireo ankizy ireo mandrampahasitrany, ka hiverenany any amin'ny Ray aman-dreniny. Misy maharitra antaonany maro aorian'ny fitsaboana azy ireny ankizy ireny no mipetraka ao amin'ny Foyer Du Bon Remède Amparihikambana Tsiroanomandidy, kanefa maimaimpoana tanteraka izany, tsy misy fandraisananjaran'ny ray amandreny.

Isan-taona no anaovan'ny fikambanana antso handraisana ireo ankizy tratran'izay tsy fahatombambanana eo amin'ny rantsam-batana izay, misy ny fizahana atao amin'izany, izay ny mpitsabo avy any Antsirabe avy ao amin'ny CRMM (Centre de rééducation Motrice de Madagascar) no miaramiasa efa hatramin' izay amin'ny ONG manatanteraka izany. Mbola izy ireo koa no manao fandidiana ireo ankizy voaray amin'izany, izay atao any Antsirabe, ary anjaran'ny fikambanana Fami manontolo no miantoka ny rehetra. Maro ireo ankizy efa sitrana arak'izany, ka nody amin'ny fianakaviany.

Fa mbola sahanin'ny fikambanana ihany koa ny fitaizana ireo kilasimandry zazavavy ao amin'ny Foyer Liantsoa eto Tsiroanomandidy, izy ireo indray, izay ankizy kilasy 6èm ka hatramin'ny Terminale, avy any ambanivohitra, ka mianatra eto andrenivohitra, saingy nohon'ny halafon'ny hofantrano, sns… ilaina raha hipetraka an-tanàn-dehibe dia betsaka ireo misafidy ny hametraka ny zanany ao amin'ny Foyer. Voaaramaso kokoa ireo tanora amin'izay satria misy tompon'andraikitra izy ireo, ireo ankizy rahateo milamina afaka mianatra tsara, tsy mirotoroto. Fa lehibe indrindra mifampiankina tanteraka amin'ny asan'ny Ong Fami dia ny fananany serasera matanjaka, dia ny Radio Bongolava izany, onjampeo voalohany any amin'ny faritra satria dia efa 23 taona amin'ny izao. Saika mahenika amin'ny ankabeazan'ny faritra iasany ity Radio oty, toy ny ao Bongolava, Itasy, Vakinankaratra, ka mora ny fampitana vaovao sy fampahafantarana ny asan'ny fikambanana ary ny fiantsoana ireo mpikambana mielimpatrana any amin'ireo faritra ireo. Miara-miasa amin'ny fanjakana Malagasy ny Ong Fami amin'ny fanatanterahana ireo tetik'asany, indrindra ireo mpitondra any ifotony, ary hatreto dia faritra 5 no misy ny tetik'asa : Bongolava, Itasy, Analamanga, Vakinankaratra ary Diana. Amin'ity taom-piasana vaovao ity dia ezahina ny hampitombo sy hanatsara misimisy kokoa ny vokatra efa azo teo aloha amin'ny sehatra sahanin'izy ireo rehetra.

**Serge**


*Ny lanonana nataon'ny ONG FAMI omaly tany Tsiroanomandidy.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**

**10/11/18 hatramin'ny 17/11/18**

- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 837-11-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ALAOTRA

## Mbola misy ihany ny mpivarotra hazandrano antsokosoko na dia efa mikatona aza ny jono

Efa mahazatra fa saika isan-taona dia misy hatrany vanim-potoana izay anakatonana ny rano aty Alaotra Mangoro, ka matetika manomboka ny faha-15 oktobra izany ary maharitra telo volana. Fantatra hatreto fa efa nampiharina io didy io saingy ny hita mbola misy hatrany ireo mivarotra hazandrano izay tsy avy any anaty dobo fa naratoina tao amin'ny ranon' Alaotra. Vanim-potoana fanatodizan'ny trondro io vanim-potoana anakatonana ny rano io, ka hentitra ny fanaraha-maso ataon' ny tompon'andraikitra, saingy misy ihany koa ny manafangaro izany amin' ny raharaha politika izay mahatonga ireo teknisianina ho valalanina amin' ny fampiharana lalàna matateika. Na ao amin' ny tsenaben'Ambatondrazaka ao aza dia fantatra fa misy hatrany ireo mivarotra izany hazandrano izany antsokosoko. Fantatra hatreto fa henjana ny fanaraha-maso ataon'ireo tompon' andraikitra aty an-toerana izay efa nanambara fa tsy hanaiky mora ireo izay tratra mandika lalàna.

***Raoul***

Ambatondrazaka

## Tafiditra ihany koa ny mpangalatra fiarakodia

Tsy tahotra tsy henatra fa dia andro mazava be izao mihitsy no manao ny asa ratsiny ny mpangalatra fiarakodia eto an-tampon-tanànan'Ambatondrazaka. Fiarakodian' olona iray izay niantsona nanoloana ny fiangonana iray no nokasain'ny mpangalatra halaina raha mbola variana nivavaka ny tompony. Najanon'ity tompona fiara ity tao anaty fiara ihany ny fanalahidy ka iny no tsikaritr'ilay mpangalatra izay efa nanara-maso ny hazony na dia nasitrik'ity tompony aza izany. Nosokafany arak'izany ny varavarana ary niroso tamin'ny asa ratsiny izy saingy nisy nahatsikaritra. Io tsara sitra-po io indray no nanentana avy hatrany sy niantso mpitandro filaminana izay nalaky fahatongavana, ka sarona teo ampanaovana asa ratsy ilay mpangalatra. Rehefa nataon'ny zandary izay tonga teo ny fanadihadiana dia niaiky ity mpangalatra ity ary efa azony ny fanalahidy ary nasitriny ihany koa. Voaverina ihany io fanalahidy io avy eo ary fantatra ihany koa fa efa fanaon'ity rangahy ity io mangalatra any ampiangonana io rehefa variana mivavaka ny rehetra. Taorian'io dia fantatra ihany koa fa nisy mpangalatra moto ihany koa saron'ny mpitandro filaminana. Mila mitandrina hatrany araka izany ny rehetra fa tsy kely lalana ny ratsy.

***Raoul***

Toekarena

## Izay nanapotika mpandraharaha Malagasy tsy hanandratra firenena velively

Tsy maintsy tsinjovina be dia be ny mpandraharaha Malagasy eto an-toerana raha tiana marina ny hampandroso ny firenena. Tao anatin'ny 10 taona farany, taorian'ny fanonganam-panjakana nisy teto amin'ny firenena, dia sarotra ho an'ny mpandraharaha ny nahita lalana mazava hitantanany ny orinasany. Vao mainka nihasarotra izany niditra tao anatin'izao fitondrana hiova izao. Niha-mafy mantsy ny tsy fandriampahalemana, teo ihany koa anefa, nanampy trotraka izany ireo fepetra samihafa nihàtra tamin'ny orinasa isan-karazany. Tsy nahita mangirana tamin'ny fiaraha-miasa tamin'ny fitondrana izy ireo fa vao mainka aza voageja, toy ny nahazo ny orinasa Tiko tamin'izany fotoana izany. Izao izy vao mahita mangirana araka izany rehefa nisy ny fiovàna teo amin'ny fitantanana ny firenena. Amin'ny ankapobeny, raha ny nambaran'izy ireo dia mbola sarotra aloha ny tontolo iainan'izy ireo tao anatin'izay hafoloana taona izay ka hatreto. Efa nanambara ary tafita tamin'ny ministra tomponandraikitra aloha izao ny hetahetan'izy ireo mba hahafahany miaina tsara. Teo aloha dia sahirana mafy tokoa izy ireo ary ny manahirana, fa tsy afaka miteny loatra izay izy ireo, dia ireo mpandraharaha vahiny avy any ivelany no nomena tombon-dahiny sy vahana ary hita ho nanjakazaka mihitsy aza. Nironan'ny saina avy hatrany manoloana izany ny firaisana petsapetsa teo amin'ny tomponandraiki-panjakana sy izy ireo.


Resabe fotsiny ihany ny filazan'ireo nampanantena vahoaka ny momba ny fampanantenana asa ho an'ny tanora nefa hita teo aloha fa efa nandrotika orinasa. Tena fanomezana ronono an-tavy ny vahoaka ihany koa ny filazana ny fandaharan'asa fanandratana ny firenena anaovan'izy ireo angoan-tenda isan'andro lava izao. Ireo olona na kandidà nilaza izany anefa dia tena anisan'ny nanapotika ireo mpandraharaha teto amin'ny firenena. Raha hanandratra ny firenena anefa dia anisan'ny voalohany vaindohan-draharaha ny fanomezana vahana ny mpandraharaha Malagasy sy ny vokatra vokariny eto amin'ny tsena anatiny. Mazava loatra fa lainga afafy indray hamitahana vahoaka sy famahanan-dalitra vahoaka mihitsy ny politika fandaharan'asa atao momba ity fisandratana fisandratana ity. Asakasak'izay mety ho fitahina.

***Radafy***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 259**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0258)

***Mitsivalana***
- Fonenana
- Nana (Miv) – Toa
- Kintana
- Diso
- Menatra
- Sahy – EM
- Ina – Tiko

***Mitsangana***
- Fako – Si
- Ony – Mn
- Nandeha
- Entiny
- Asa
- Tonta (Miv)
- Noa – Rek(o)
- AA
- Kamo

### TENY MIFANAPAKA N° 259




**Mitsivalana**

**1.** Mifandamina amin'ny tsara **2.** Mpisolo tena – Hita eo amin'ny loha (Miv) **3.** Vovoka – Ambany toerana **4.** Tao – Hekitara **5.** Ara-dalàna tsy misy lainga **6.** Antsoantso fanentanana amin'ny fifidianana **7.** Kianteny – Atsahatra **8.** Fitaovam-piadiana (BR) – Tsy misaraka amin'ny fanoto **9.** Haja sy voninahitra – Dada – Zava-pisotro **10.** Mpanjaka fahiny

**Mitsangana**

**A.** Midobodoboka **B.** Manontany olona – Mari-bola – Bory tsy misy farany **D.** Kilalaon-tsaina Malagasy **E.** Milaza fananana – Sakafo (Miv) **F.** Rano tapany – Vizana – Oroka **G.** Isika vahoaka (Miv) **H.** Lapan'ny Mpanjaka – Orinasa malaza **I.** Hazo marobe – Fikambanana politika **J.** Tampisaka – Kapoka **K.** Roa fahiny – Mandoro

### Valiny Teny mifanaraka 0258

***Mitsivalana***

1 Fotaka - Ilo 2. Inoana 3. Noana - M, N, O, P 4. Dinika 5. Alahamady 6. Boeny 7. Milina (Miv) - EM 8. Laniko (Miv) - B.T 9. Sa - Fiarako (Miv) 10. Asa - Nono

***Mitsangana***

A. Finday - Osa B. Lio (Miv) - Saka (Miv) D. Tranainy E. Nihaino F. Kiaka - Laka G. An - Ambila H. OM - Moa (Miv) - RN I. Edena (Miv) - Boa J. Ino ? - Niteny (Miv) K. Lapo - Mi (Miv) - Fo

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny fidinana nataon'ny KMMR teny amin'ny CENI Alarobia omaly.**















